## *Toeran'ny antokon-kintana tazana amin'ny ila bolan-tany atsimo*

Manohy ny lahatsoratra nivoaka tao amin'ny "Sakamalao sy havozo", MadaGéo14, ny manaraka eto.

Faritana etoana ny toerana ahitana ny antonkon'kintana eo andohalambon-danitra amin'ny bolan-tany atsimo ny 15 Jiona sy 15 Desambra, amin'ny 9 ora alina. Ireo andro sy ora ireo no nofidiana satria hita eo izay antokon'kintana rehetra amin'ny bolan-tany atsimo. Nofidiana manokana ny volana Jiona izay anaty ririnina eto Madagasikara ka mazava matetika, tsy sembanan-drahona ny lanitra; ny mifanohitra aminy dia ny Desambra, anaty fahavaratra.

Araka ny lafiny itodihan'ny mpandinika ny fitsinjaràna ao amin'ny tabilao. Ny fandaharana voalohany ny antokon'kintana dia mitodika any avaratra ny mpandinika, ny faharoa dia mitodika any atsimo; araka ny zoro mandeha isaky ny 60°, avy andrefana miantsinanana. Raha miverina anaty efitra maromaron'ny tabilao ny antokon-kintana iray dia noho izy mifampitohy anatin'ireo. Lazaina ihany koa anaty fonon-teny, raha misy, ny kintana mazava indrindra.

| 15 Jiona, 21 ora | | 15 Desambra, 21 ora | |
|---|---|---|---|
| Mijery mitodika avaratra | Mijery mitodika atsimo | Mijery mitodika avaratra | Mijery mitodika atsimo |
| 60° andrefana<br>- Bibilavan-drano II<br>Liona (Régulus, Dénébola)<br>Liona Kely<br>Orsa vavy Be | - Liona (Régulus, Dénébola)<br>Kapoaka<br>Goaika<br>Bibilavan-drano II<br>Tondroavaratra<br>Masinina<br>Lain-tsambo<br>Lakroa sandoka<br>Trondro manidina | Rotsa-drano<br>Pégase<br>Trondro<br>Cassiopée | - Osilahy miatandroka<br>Vorombola<br>- Pégase<br>Rotsa-drano<br>Trondro atsimo<br>Vano<br>Toucan |
| 60° afovoany<br>- Virjiny<br>Singam-bolo<br>Oursa vavy Be<br>Alika mpihaza<br>Mpiandry omby (Arcturus)r<br>Mizàna<br>Bibilava<br>Satro-piandrianana avaratra<br>Dragona | - Virjiny<br>Bibiolona<br>Lakroa atsimo<br>Lalitra<br>- Mizàna<br>Amboadia<br>Alitara<br>Telozoro atsimo<br>Bibilavan-drano I | - Trozona<br>Trondro<br>Pégase<br>Bélier<br>Telozoro<br>Cassiopée<br>- Ombalahy | -Trondro<br>Trozona<br>Phenix<br>Rahona kelin'i Magellan<br>Bibilavan-drano I<br>- Eridan (Achernar)<br>Poketra kely |
| 60° atsinanana<br>- Sarim-piandrianana<br>Voromahery (Altaïr)<br>Lyre (Véga)<br>- Ophiuchus<br>Hercule<br>Bibilava | - Ophiuchus<br>Bibilava<br>Maingoka<br>Sarim-piandrianana<br>Manilo<br>Satro-piandrianana atsimo<br>Vorombola<br>- Voromahery | - Eridan (Archernar)<br>Orion<br>Mpamily kalesy (Capella)<br>Soavaly manan-kindava tokana<br>Alika kely<br>- Kambana (Castor, Pollux) | - Orion<br>Bitro dia<br>Voromailala<br>Rahona lehiben'i Magellan<br>- Alika kely<br>Soavaly manan-kindava tokana<br>Alika be<br>Vody sambo<br>Lain-tsambo<br>Fanambanin-tsambo<br>Lakroa sandoka<br>Trondro manidina<br>- Tondroavaratra |

Fantatra amin'ny fampiasana sarin-danitra atsimo ny toeran'ny antokon-kintana mandritra ny taona amin'ny bolan-tany atsimo. Mahaliana tokoa ny mandinika ny lanitra amin'ny alina eto Madagasikara satria mbola madio ihany, tsy misy setroka loatra noho ny fahalotoan'ny tontolo iainana, ny atimosfera. Mazotoa !

Andriamampianina Rakotozafy C.